# Nisy lehilahy iray nanontany ny Mpaminany (S.A.W) momba ny ora farany manao hoe : Rahoviana ny ora farany? dia namaly izy : “Mba inona no nomaninao ho amin’izany?”

Tatitra azo avy tamin'i Anas (R.A) niteny izy : Nisy lehilahy iray nanontany ny Mpaminany (S.A.W) momba ny ora farany manao hoe : Rahoviana ny ora farany? dia namaly izy : “Mba inona no nomaninao ho amin’izany?” Hoy ilay rangahy : Tsy misy na inona na inona afa-tsy ny fitiavako an’I Allah sy ny irany. Dia hoy ny Mpaminany (S.A.W) : "ianao dia miaraka amin'izay tianao". Hoy i Anas : Tsy nisy teny nahafaly anay mihoatra io tenin’ny Mpaminany (S.A.W) hoe : “Ianao dia miaraka amin’izay tianao". Mbola niteny i Anas manao hoe : "Tiako ny Mpaminany (S.A.W) sy i Abo Bakr ary i Omar, ary manantena ny hiaraka amin’izy ireo aho noho ny fitiavako azy ireo, na dia tsy manao asa soa goavana toy ny nataon'izy ireo aza aho.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nanontany an'ny Mpaminany (S.A.W) lehilahy iray tambanivohitra mipetraka any amin'ny tany efitra ny amin'ny ora hitsanganan'ny fitsarana? Dia namaly azy ny Mpaminany (S.A.W) nanao hoe : Inona no asa soa nomaninao ho amin'izany? Hoy ilay mpanontany hoe : Tsy nanomana asa lehibe ho amin’izany aho afa-tsy ny fitiavako an’I Allah sy ny irany, ary tsy nanonona fanompoana hafa atao amin'ny fo sy ara-batana, na ara-bola izy. Satria izany rehetra izany dia sampan’ny fitiavana, mifandraika aminy, ary satria ny fitiavana tena izy no manosika ny olona iray hiezaka hanao asa tsara. Dia hoy ny Mpaminany (S.A.W) taminy hoe : ianao dia miaraka amin'izay tianao any amin'ny paradisa. Ka tena faly dia faly tamin'ity vaovao mahafaly ity ireo mpanara_dian'ny Mpaminany (S.A.W). Avy eo dia niteny i Anasy fa izy dia mitia an'ny Mpaminany (S.A.W) sy i Abo Bakr ary i Omar, ary manantena ny hiaraka amin’izy ireo na dia tsy mitovy amin’ny asan’izy ireo aza ny asany.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee